# Ilay Voa Tsara Nafafy 25 Septambra 2018

# 25 **Talata** septambra

**Izany no nataony *(nataon'i Jesosy)* mba hizahany toetra azy ; fa Izy nahalala ihany izay efa hataony.**
Jaona 6. 6

**Apetraho aminy ny fanahianareo rehetra ; fa Izy no miahy anareo.** 1 Petera 5. 7

### Mety ho takatra ve ny zavatra rehetra ?

*Jaona 13. 1-17*

Indray hariva dia nanasa ny tongotry ny mpianany Jesosy. Tena tsy neken'ny sain'i Petera mihitsy ny hoe hahita Ilay Mpampianatra azy, manao asa natokana ho an'ny mpanompo. Koa nandà mafy izy tsy hosasana tongotra. Nefa tokony ho nitsahatra tanteraka hatreo ny fisaintsainan'i Petera, rehefa niteny ny Tompo hoe : „Izay ataoko dia tsy fantatrao ankehitriny, fa ho fantatrao rahatrizay".

Maro tamin'ireo zavatra nataon'ny Tompo tamintsika nandritra ny fiainantsika no tsy takatry ny saintsika. Tiantsika ny mahita Azy miasa mazava sy amin-kery, nefa rehefa mihamafy ny tafiotra ary toa tsy tian'i Jesosy hajanona, mba haintsika ve ny manohitra ny fisalasalana sy ny tebiteby ao anatintsika ? Mbola sahintsika ve ny manambara fa matoky tanteraka Azy isika, miantoraka tsy misy fepetra aminy, rehefa tsy takatsika intsony ny zava-mitranga ?

Tandindomin-doza hanao toa an'i Petera isika : manohy misaintsaina na dia tsy mahatakatra aza. Ary aleontsika manohitra ny sitrapon'Andriamanitra, toy izay manaiky.

Ilaina ve ny mahafantatra ny zavatra rehetra vao hatoky ny Tompo ? Aoka isika hiankina aminy am-pinoana. Tia antsika Izy, ary „fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra" (Romana 8. 28).